FOTOTRY NY ASA FANOMPOANA II

FANAHY TSY MISALASALA-MANANA FAHATOKIANA

Ny fananana fanahy tsy misalasala na fananana fahatokiana, mijery ny lafiny tsara mandrakariva dia tsy maintsy fototry ny fiainana kristianina, mainka moa raha te-hanompo an'Andriamanitra.
Nahoana ?
-satria betsaka ny zavatra mety mahakivy, betsaka ny fitsapana izay mitady handresy eo amin'ny asa atao, fa ny fananana fahatokiana no ahafahana mandresy izany.
Ny tanjon'ny satana dia ny handatsaka antsika ao anatin'ny fahakiviana. Ary io fahakiviana io dia aretina efa ela, ary amin'izao izy dia te-hiditra ao anaty fiangonana hambabo ny zanak'Andriamanitra indrindra fa ny mpanompon'Andriamanitra.
Firifiry moa ny zanak'Andriamanitra izay mamonjy ireny mpitsabo ara-tsaina ireny (psychiatrie) satria satria tsy nahafantatra ny toe-panahy tsy misalasala tamin'ny fotoana niovany fo.
-Voavonjy izy ireny kanefa dia miaina amin'ny fijaliana ety an-tany. Tsy natao ho amin'izany isika rahalahy sy anabavy.
-Ny Tompo dia miantso antsika mba hivelatra sy hanana fahatokiana (fanahy tsy misalasala) manoloana ny olana sy ny fitsapana maro samihafa.
-Andriamanitra dia miantso antsika mba hivelatra sy hanana fahatokiana (fanahy tsy misalasala) ho fampisehoana ny finoantsika, tsy misy fepetra ary tsy hoe mahazaka ihany fa ny mamaky ny olana indrindra indrindra ny manova ny toe-java-mitranga.
Tsy hiresaka fanahy tsy misalasala araky ny tolo-kevitra maro samihafa amin'izao tontolo izao aho.
Tsy misy olona afaka mahavonjy olona satria mpanota avokoa ny olombelona rehetra ary samy eo andalan'ny fahaverezana, ary izany no anaovako hoe : tsy misy antony tokony hiezahana hananana fanahy tsy misalasala raha mbola amin'ny fiainan'izao tontolo izao.
Fa isika kristianina kosa izay efa manana an'i Jesosy Kristy dia tena tokony hanana izany toe-panahy izany.
Ny fananana fanahy tsy misalasala dia tsy inona fa fampisehoana ny finoana ny tenin'Andriamanitra amin'ny fanambara sy teny fikasana rehetra.
Ny fijanonana ao amin'ny fahakiviana sy ny fisalasalana dia manambara fa tsy mitoetra ao anatin'ny tenin'Andriamanitra ny olona.

Ahoana no mampivelatra izany toe-panahy izany ?

Ny fifantohana = fandraisana izay lazain'ny tenin'Andriamanitra amin'ny fiainana rehetra (main'ny antsipiriany).
Ny tenin'Andriamanitra dia manambara lafiny tsara ny amin'ireto zavatra manaraka ireto :

1. Fahafahana vaovao (nouvelle capacité)

-« Ny zavatra rehetra dia hain'ny mino » (Marka 9.23)
-« Mahay ny zavatra rehetra aho ao amin'ilay mampahery ahy » (Fil 4.13)

-Angamba mety nandritra ny fahazazanao no nisy niteny taminao hoe : »tsy mahay na inona na inona ianao » na tsy mahavita n'inon'inona. amin'izao fotoana izao raha mitodika mijery ny tenin'Andriamanitra ianao ny momba izany dia tokony hino fa :
-Ao amin'i Kristy no anatanterahan'Andriamanitra ny fahafahantsika manao ny zavatra niantsoany antsika ary

- ny fahombiazana sy ny fanambinana dia natao ho antsika (Josoa 1.8).
- ny nofinofy izay nirintsika rehetra raha mifanaraka amin'ny sitrapon'Andriamanitra dia ho tanteraka avokoa.
- Tsy afaka hijanona ao anaty tsy fahombiazana intsony isika.
- Raha nandalo tao anatin'ny tsy fahombiazana kely aza aho dia tsy manakana ahy tsy hahomby izany amin'ny manaraka.

(raiso ho anao ireo teny ireo fa aza eritreretina mandrakariva ho an'ny hafa.

2. <u>Fahaizana manova ny toe-java-mitranga na zava-misy</u>

-« Miantso an'i Jehovah izay mendrika aho ka dia vonjena ho afaka amin'ny fahavaloko. » Sal 18.3)
-« Raha mamaky ny lohasaha baka izy, ataony misy loharano izany ». Sal 84.6)
Matetika isika no manana olana, fitsapana, faka-panahy. Ny atao hoe mpandresy ao amin'i Kristy tsy hoe tsy akory foana ireo zavatra ireo ao amin'ny fiainantsika fa :
-voatohitra izany amin'ny alalan'ny fahasoavanya ;
-Amboarin'iTompo ho voninahiny sy ho tombony ho antsika izany.
-Tafavoaka ho mpandresy isika amin'ny fitsapana.
-Voatahy bebe kokoa isika aorian'ny fitsapana satria mpandresy isika
-Indraindray dia mandalo ao amin'ny lohasahan-dranomaso isika, na dia olona ara-panahy be aza.
-Tsy hoe tsy hitomany intsony akory isika fa tsy mijanona ao amin'ny ranomaso fa miezaka manova ny toe-java-mitranga (zava-misy).
-Ary hitantsika fa ireo mpanompon'Andriamanitra lehibe ao anaty Baiboly aza dia mba tratry ny fahakiviana, mitomany aza indraindray. Nefa Andriamanitra dia miteny hoe : « mitsangana nahoana ianao no mijanona mitanondrika eo ? » ary dia hita fa misy fiovana ny zava-mitranga noho ny famindrapon'Andriamanitra.(Jos 7.10) (Isam 30.4-20).
-Nnstoina isika mba hanova ny zava-mitranga amin'izao andro iainantsika izao.
-Hanova ny ranomaso ho fifaliana, ny aretina ho fahasalamana, ny fahantrana ho fananana harena, ny sty fahatokiana ho fanana antoka, ny fahalemena ho hery…sns.
Ary izany dia manomboka amin'ny fananana fahatokiana izany.
-Ny olona rehetra dia afaka matoky rehefa mandeha ny zavatra rehetra ? fa ny Kristianina ihany no afaka manana fahatokiana na dia misy olana aza satria fantany fa afaka manova ny zava-mitranga izy.
-Ny fananana fahatokiana = midera an'Andriamanitra ao anatin'ny olana, na dia misy olana aza.
Misy ny ambony sy ambany amin'ny fiainan'ny kristianina tsirairay, ny fananana fanahy tsy misalasala dia ny fitazonana ny fo sy ny saina ho ambony mandrakariva na dia mandalo lalana ambany aza
-Misy zava-dehibe manan-danja tiako ampahatsiahivina eto fa Andriamanitra dia afaka mitahy antsika amin'ny zavatra naha-matiantoka antsika
-Azo ambara amin'ny hoe « Andriamanitra manova ny ozona ho fitahiana. »
-Rehefa tonga teo alohan'ny ranomasina mena ireo Hebreo ireo dia nihevitra fa nanoloana ny fahafatesana izy ireo, kanefa rehefa niseho ny fahagagana dia lasa nitondra fahafahana ho azy ireo izany sy fandresena tanteraka.

-Raha azontsika tsara izany zava-nisy izany dia tokony hanana fahatokiana isika manoloana ny fahavalo.
-Jereo ny fahavalonao dia mianara mieritreritra sy miteny hoe : « ity olana ity dia toe-javatra iray hisehoan'ny fitahiana ! »
-Miova ny fomba fisainanao.
-Raha misy olana iray dia midika koa hoe misy vaha-olana ireo efa miseho.
-Raha misy olana iray dia vokatry ny fahararian a hiteraka fanambinana (douleur d'enfantement).
Izay no antsoina hoe manana fahatokiana.
-Te hanova ny fomba-fisainanao va ianao anio ? Aleloia fa izany no tanjon'ity fampianarana ity, hanova ny fomba fijerintsika ny zavatra mba hananantsika fandresena.
-Ny nofo dia miteny hoe « voahodidin'ny fahavaloko aho, » mampatahotra izany zavatra izany ary ny vokany dia hoe mikoropaka aho ary dia mihika hoe : Tompo ô nahoana no navelanao hitranga izao zavatra izao ary dia kivy aho.
-Ny tenin'Andriamanitra dia milaza hoe : « Ry rahalahiko, ataovy amin'ny fifaliana avokoa, raha iharan'ny fakam-panahy samy hafa ianareo » (Jak 1 : 2)
-« Sambatra izay enjehina nohon'ny fahamarinana…sambatra ianareo raha haratsian'ny olona…mifalia sy miravoravoa… » (Mt 5 :10.-12)

3. Ny Baiboly dia manambara lafiny tsara ny amin'ny momba antsika
-Antony iray mahatonga ny olona ho kivy dia ny fahatsapana ho ambany na tsy misy ilana azy.
-Ary izany matetika vokatry ny fanononana teny fanambaniana ho azy ary indraindray dia hatramin'ny fahazazana.
-Ny devoly dia tena manan-talenta amin'ny fanambaniana olona, fanaovana tsinontsinona ny hafa na lainga aza
-Ohatra hoe : « tsy misy ilana azy ianao, ny sasany mety hahavita fa tsy ianao, jereo ny tenanao fa ianao tsy tsara… sns »
-Indraindray ny mpanompon'Andriamanitra dia mikendry mihitsy ny toriteniny mba ho entina manambany ny ondry izay mihaino azy
-Ny toe-panahy tsy misalasala dia mivelatra amin'ny :
a)- fialana amin'ny teny sy eritreritra manimba
b)- fifantohana sy finoana ny tenin'Andriamanitra voalaza momba antsika
Ireo mpanao salamo notsindrin'ny Fanahin'Andriamanitra dia misaotra ny Tompo nohon'ny nahatonga azy zava-maha-talanjona (Sal 139 : 14)
-Ny fanambian-tena dia fahavalo tokony horesena.
-Hevero fa :
-Manana fomba fijery anao ho ambony Andriamanitra fa tsy hoe akory kely
-Misy vidiny eo anatrehan'Andriamanitra isika : « Malala eo imasoko ianao » (Is 43 : 4)
-Betsaka ny olona no mivavaka hoe : « tsinontsinona aho » marina izany, fa raha tsy misy an'Andriamanitra dia tsy misy dikany isika nefa Aleloia, ny Tompo dia tonga namonjy antsika, ary tsy matimaty foana akory Izy.
-Nanome ny ainy izy ho an'izay olona hajainy novidiany tamin'ny fijaliana mafy dia mafy, novidiany tamin'ny eso, tamin'ny ainy.
-Tsy olom-poana ianao
-Tian'Andriamanitra ianao, voafidin'Andriamanitra
Andriamanitra dia manana fomba fijery antsika izay tsy mifandray akory amin'ny fomba fijery araky ny nofo.
-Andriamanitra mijery antsika amin'ny masom-panahy sy finoana (Rom 4 : 17)
-Rehefa tonga nijery an'i Gideona ny anjelin'ny Tompo dia niarahaba azy hoe : « Jehovah no momba anao ry lehilahy mahery » (Mpitsara 6 : 12).

-Alaiko sary an-tsaina ny zava-miseho : Gideona nijery nanodidina azy mba hahalala hoe miteny amin'iza ilay anjely kanefa tsy nahita lehilahy mahery izy.
-Ilay lehilahy mahery dia izy ihany, jerena amin'ny alàlan'ny masom-pinoan'Andriamanitra Gideona dia tsy mahatsapa mihintsy hoe : lehilahy mahery.
Isika koa dia mila mijery tahakan'Andriamanitra
-Avereno miaraka amiko ny hoe : « Lehilahy mahery aho ».
-Ary ny tena zava-dehibe dia ny hoe : aoka hinoanao izany
-Izany fanambarana izany ve tsy tokony hananantsika fahatokiana ? Marina izany !
-Izao tontolo izao manambany antsika fa Andriamanitra manandratra antsika.

4. Ny tenin'Andriamanitra dia manambara zavatra tsara ho antsika mikasika ny ho avy
-Tsy nataon'Andriamanitra hijaly isika eto an-tany mandram-pihavin'ny fahasambarana any an-danitra.
-Tsy nanome zavatra kely antsika Izy ka niteny hoe : « Mionona aloha amin'ireo kely ireo. »
-Tsia, ny Tompo dia tena Ray mendrika izany anarana izany, Ray tia ny zavatra tsara hoan'ny zanany.
-Ny Baiboly dia milaza :
-« Ary miravoravoa amin'i Jehovah hianao, dia homeny anao izay irin'ny fonao. » (Sal 37 : 4).
-« Fa Izaho mahalala ny hevitra hiheverako anareo, hoy Jehovah, dia hevitra hahatonga fiadanana, fa tsy loza, mba hanome anareo fanantenana ny amin'nyfarany. » (Jer 29 : 11)
-Ny fahakiviana koa dia avy amin'ny fieritreretana fa tsy misy ho avy tsara intsony amin'ny fiainana.
-Manana ho avy tsara isika ao amin'Andriamanitra izay mifanohitra amin'ny loza !
ary izany ho avy izany dia ambony lavitra noho ny fahasahiranana mafy ara-toekarena sy zavatra maro samihafa ety ambonin'ny tany.
-Jesosy dia milaza hoe : « Izaho avy mba hananany fiainana, sady hananany be dia be » (Jn 10 : 10) ; (1 Tim 6 : 17)
-Jaonina koa rehefa notsindrian'ny Fanahy dia nanambara tamin'i Gaio hoe « ry malala, mangataka aho mba hambinina sy ho salama amin'ny zavatra rehetra anie ianao … » (3 Jn 2)
= Fahasalamana (Ohab 4 : 22) = ara-bola (Ohab 8 : 18, 21)
-Jereo lavidavitra ny hoavinao mihoatra nohon'ny voalazan'ireo andalan-tsoratra masina ireo dia ho hitanao fa ny fanànana toe-panahy tsy misalasala eo amin'ny fiainana dia tsy nofinofy hoan'ny kristianina.

5. Ny tenin'Andriamanitra dia manambara zavatra tsara ny ho amin'ny hoavintsika na dia ny zavatra atahoran'ny olona aza : ny fahafatesana.
-Ny momban'ny hoavintsika mandrakizay eo anilan'ny Tompo, marina izany, nefa koa dia amin'ny fotoana izay mafy indrindra amin'ny olona ka tsy ananany fanantenana : ny fahafatesana.
-Inona moa ny zavatra tena mampitebiteby ny olona raha tsy ny mahalala hoe : tsy maintsy ho tonga ny andro iray izay hahafatesany nefa tsy fantany izay mety hitranga any an-koatra.
-Fa Jesosy hoy ny tenin'Andriamanitra dia : « manafaka izay rehetra nandany ny fiainany rehetra tamin'ny fahandevozana noho ny tahotry ny fahafatesana » (Heb 2 : 15).
-Ny apostoly Paoly dia nanambara : « Ny fahafatesana no ahazoako tombony » (Fil 1 : 21)
-Iza no olona manana fahatokiana toy izany ? Mahafantatra olona misaina toy izany ve ianao ?
-Ny zavatra mety ho loza amin'ny olona dia mety ho tombony amin'ny mpino.
-« Sambatra izay maty ao amin'ny Tompo » (……)
-Izaho tsy milaza hoe raha misy namano maty dia tonga dia hifaly ianao. Rariny raha malahelo ianao fa raha tsy toy izany ianao dia hafahafa.

-Fa ny zavatra tiana haseho dia ny hoe na dia misy ny fahafatesana, ny mpino dia manana fanantenana sy fiononana izay tsy hitan'ny hafa.
-Misy antony ny tokony hanana fahasahiana.

6. Ny tenin'Andriamanitra dia manambara lafiny tsara ny amin'ny toerana misy antsika manoloana ny herin'ny maizina (ny fahefana ananantsika)

« Ary niara-natsangana isika ka niara-napetrany any an-danitra ao amin'ny i Kristy Jesosy, ambony lavitra nohon'ny fanapahana rehetra sy ny fahefana sy ny hery sy ny fanjakana ary ny anarana rehetra izay tononina … » (Efes 2 : 6 ; 1 : 21)
-Na dia mahatsiaro ho kely aza isika dia tsy kely loatra ara-panahy raha oharina amin'ny tontolo ara-panahy eo akaikin'i Kristy.
-Manana toerana matanjaka isika
-« …Satria lehibe izay ao aminareo noho izay ao amin'izao tontolo izao » (1 Jn 4 : 4)
-« …efa naharesy ilay ratsy ianareo… » (1 Jn 2 : 13)
-« … manoatra nohon'ny mpandresy isika … » (Rom 8 : 37)
-« Indro, efa nomeko fahefana hanitsaka ny menarana sy ny maingoka sy handresy ny hery rehetra ananan'ny fahavalo hianareo… » (Lioka 10 :19)

7. Ny mikolokolo ny toe-panahy tsy misalasala dia :

-Didy

-« Andriamanitrao no mampahery anao… » (Sal 68 : 28)
-Paoly dia mampahery antsika mba « hifaly lalandava » (1 Tes 5 : 16)
-« Mifalia mandrakariva amin'ny Tompo, hoy izaho indray mifalia » (Fil 4 : 4)
-ary koa : « na inona na inona marina… manan-kaja…mahitsy…madio…mahate-ho tia…tsara laza…hatsara-panahy…dera, dia hevero izany (Fil 4 : 8)
-Tsy hoe safidy ny fananana fahatokiana fa làlana iray voasoritra mazava tsara itondran'ny Fanahy ny fiainantsika.
-Ary izany dia toe-panahy iray izay andraikitrantsika ny mihazona azy.
-Zava-dehibe ny ijerentsika azy amin'izay lafiny iray izay satria matetika no tsy dia omentsika lanja loatra ny didin'Andriamanitra sasany toy ny hoe « miderà an'i Jehovah », « mahereza », « mifalia mandrakariva ».
-Hitantsika fa ràriny ny tsy mangalatra, ny tsy mandainga kanefa toa ataontsika ho tsy dia maninona ny tsy mino, ny fiderana an'Andriamanitra, ny fananana fahatokiana, kanefa ireo zavatra ireo dia voalohan-daharana ao amin'ny tenin'Andriamanitra.
-Mila mianatra mitandrina ireny isika raha te-handroso ara-panahy.
-Na ny tsy mpino aza dia mahalala fa ratsy mangalatra sy mandainga : Fa ny zanak'Andriamanitra ihany no nohariana mba hidera, handeha amim-mpinoana sy fahasahiana.

8. Izany fahasahiana izany dia fepetra iray ahafahan'Andriamanitra miasa :
-Ny tenin'Andriamanitra dia manambara fa ao aminy no ivoahan'ny hery.
-« Fa ny fifaliana avy amin'ni Jehovah no fiarovana mafy ho anareo » (N 8 : 10)
-« …amin'ny fiverenana sy ny fitsaharana no hamonjena anareo » (Is 30 : 15)
-« Fa ny faharavoravoam-po dia fanasana mandrakariva » (Ohab 15 : 15)
-Fa ny toe-panahy misalasala kosa dia mitarika any amin'ny faharesena.
-« Ny alahelo ao am-pon'ny olona dia mapitanondrika azy… » (Ohab 12 : 25 ; 18 : 14)
-Ilaina ny ampiraisantsika ny fahatokiana sy ny hery eo amin'ny fiainantsika.

-Tsy misalasala = manambany ny ahiahy = tony = matoky = Faly

-Rehefa tony aho manoloana ny olana, rehefa manambany ny ahiahy aho fa tsy mihazona azy, rehefa matoky an'Andriamanitra aho manoloana ny ady sarotra, rehefa tsy avelako ho simba ny fifaliako dia mamela ny herin'Andriamanitra ho afaka tena miparitaka, (mivelatra, miasa) -ary ny mifanohitra amin'izay, raha misalasala aho na sahiran-tsaina, malahelo, mikorontana (na dia kristianina aza aho) dia manome toerana hoan'ny satana eo amin'ny fiainako.

-Amin'ny fotoana fohy izay itrangan'ny loza, ohatra, ny fihetseham-poko na fahatairana izany na fahatoniana dia mety mamely ny devoly koa ao anatin'ny fotoana fohy koa mampitombo ny zava-mitranga, na mamela ny anjely hametra izany, diniho tsara izany fahamarinana izany. -Tsy miteny akory aho hoe : mora amintsika izany zavatra izany fa kosa mety ho vitantsika, ary nantsoina ho amin'izany mihintsy isika.

-Izay zavatra iezahantsika raisina amin'izao fotoana izao dia mivoaka ho azy rehefa tonga ny fitsapana. Mba hoentiko hamaranana izao fampianarana izao dia ireto misy toro-hevitra vitsivitsy mety hanampy antsika amin'ny fiainana sy fihazoanana izany toe-panahy tsy misalasala izany :

- **Mianatra manalefaka nyzava-mitranga (dédramatiser)**

-Ny Baiboly dia manambara fa : « Aza mihainohaino foana ny teny rehetra tenenina … » (Mpit 7 : 21)
-Aza dia raisina loatra amin'ny fonao izay zavatra eritreretin'ny olona momba anao, na tenenin'ny olona momba anao fa banjino i Jesosy sy ny teniny eo amin'ny fiainanao.

- **Mahaiza misintona ny lesona tsara amin'ny zava-mitranga**

« … fa ny zavatra rehetra dia miara-miasa hahasoa izay tia an'Andriamanitra. » (Rom8 : 28)
-Aza mijery ny zava-misy fa matokia mandrakariva ao amin'ny olana fa **Andriamanitra afaka manova** izany ho voninahiny sy hahatsara anao.
-Tadiavo izay fampianarana azonao tsoahina, dinoho fa ny fisian'ny fitsapana dia nahabebe kokoa ny fitahiana raha oharina amin'ny tsy fisiany.

Ianaro izany ny :

- miatrika ny olana ho toy ny fitaovana hampahery sy hampivoaka ho mpandresy fa tsy hanimba : « satria fantatrareo fa ny fizahan-toetra ny finoananreo dia mahatonga faharetana ». (Jak 1 : 3)

Misy ny zavatra tsy maintsy ekentsika am-pandeferana sy fifaliana. Ny fanenjehana dia tsy azo alana.
« …Ary ireo (apostoly rehefa avy nokapohina) dia niala teo anatrehan'ny synedriona, sady faly, satria natao mendrika hitondra fahafaham-baraka ho voninhaitr'izany anarana izany. (Asa 5 : 41)

- **Ekeo ny tsy fahatanterahana**

-Fantaro fa « …ny finoana no anamarianana ny olona fa tsy lalàna… » aloha (Rom 3 : 28)
Izany dia midika hoe : ekeo aloha ny tsy fahatanterahana, sy ny hoe :
-Marina fa tsy maintsy miezaka isan'andro ianao mba hiroso amin'ny fahatsarana, kanefa aza dia miziriziry amin'ny fahatanterahana fa raha tsy izany dia ho kivy ianao.
-Miezaha isan'andro, isan'andro fa voasasan'ny ran'i Jesosy izay mbola tavela ary dia mifalia ny amin'izany ianao

- **Mianara isika ny hankasitraka na amin'ny zavatra betsaka na ny kely**

« Misaora amin'ny zavatra rehetra » (1 Tes 5 : 18)
-Raha mahay mifaly amin'ny zavatra kely isika dia hitan'Andriamanitra ny anomezany antsika fifaliana amin'ny zavatra lehibe.
-Raha mahay mankasitraka an'Andriamanitra amin'ny zavatra kely isika, ny toe-panahy tsy misalasala ao anatintsika dia mitombo isan'andro

- **Mianara isika hametraka ny enta-mavesatrantsika aminy**

-« Ary apetraho aminy ny fanahianareo rehetra… » (1 Pet 5 : 7)
-Makà fotoana, ny hariva, alohan'ny hatory, ametrahanao ny fanahianao aminy.
-Mety mandany fotoana elaela izany, raha hametraka ny alahelo rehetra sy ny fanahiana nandritra ny tontolo andro mba hanavaozana indray ny fanahy ka hahazoana fiadanam-po ka tena hatory tsara.

- **Mianara isika ny tsy dia hanome lanja loatra ny ota**

-Betsaka ny olona, na ny mpitory teny aza no miteny tsy an-kijanona ny amin'ny ota.
-Ilaina ny miteny izany nefa : « teo amin'izay nihabiazan'ny ota no nihoaran'ny fahasoavana be lavitra. » (Rom 5 : 20)
-Aoka ny fahasoavana no tena asiantsika lanja fa tsy ny ota.

- **Mianara ny hanana ny fijerin'Andriamanitra amin'ny zavatra, amin'ny fotoana, sy amin'ny olana**

-Ny Tompo dia namonjy antsika « …mba ho masina sady tsy misy tsiny eo anatrehany isika… » (Efes 1 : 4)
-Mijery antsika amin'ny alàlan'ny ran'i Jesosy Andriamanitra
-Mamela antsika ao amin'i Kristy Andriamanitra
-Afaka hanana fomba fijery ny zavatra ho tsaratsara kokoa isika raha mampitaha amin'ny zavatra ety an-tany rehefa mahatsapa fa Andriamanitra dia mijery zavatra rehetra ao amin'i Kristy, amin'ny alàlan'i Kristy sy noho i Kristy.
-Tsy maintsy avelantsika Andriamanitra hametraka ny fanahy tsy misalasala ao am-pontsika amin''y alàlan'ny teniny.

-Ary enga anie ity fampianarana ity mba hanova anao tsy hitovy amin'ny taloha intsony.

-Ary na dia mpijery lafiny ratsy mandrakariva aza ianao, ny fandinihanao ity fampianarana ity anie hanova ny ao anatinao sy ny fihetsikao ety ivelany koa.

Efa noraisiko ho lovako mandrakizay ny teni-vavolombelonao
Satria FIFALIAN'NY FOKO IZANY (Sal 119 : 111)